


Lesona fototra Sahaja Yoga Chakra 7: Sahasrara



Toetra: Fahatanterahana ara-panahy, yoga, saina tony tsy misy eritreritra, fitambaran'ny ireo toetra tsara rehetra, fihavanana, fahanginana, Hafaliana, fahasoavana, fahafahana tanteraka
Mifehy : zone limbique ao anaty atidoha
Elemanta: tsio-drivotra mangatsiatsiaka (vibrations fraîches)
Mantra: Shri Mataji, Shri Kalki
Eo amin'ny tònana: afovoan'ny felatànana
Andro: alatsinainy
Planeta: plotona
Vatosoa: perla
Loko: fotsy



Mbola lavitry ny ego sy super-ego isika ao anaty Sahasrara, izany hoe : lavitry ny "izaho" izay voafetra. Eto, ao anaty fahanginan'ny saina tony tsy misy eritreritra no afahan-tsika mihaona amin'Andriamanitra. Io no tanjon-tsika, toerana izay afahantsika mahatratra ny tsy misy fiafarana.

Ao amin'ny Sahasrara no fitoeran'ireo toetra tsara rehetra anananan-tsika. Samy mahazo ny toerany, Ao, ireo chakra ka hifoha avokoa.

Toetra

Rehefa tafakatra ao amin'ny Sahasrara ny Kundalini dia manomboka mivelatra ireo felana arivony. Ny fahatsapan-Tenantsika (Atma) dia hiray amin'ny fahatsapan-Tena tsy manam-petra (Paramatma). Io no Fahatanterahana na Fahaterahana indray. Io « Nirvana »-ny Boddhisma, « résurrection »-ny Islam ary « Moksha »-ny hindoisma. Tany am-boalohany dia ilay lazain'ny kristianina fa batisa na batemy. Ny teny yoga dia midika "firaisana" na "fifandraisana" ary mandefa ny firaisana ao anaty any amin'ny tontolo tsy manam-petra. Ny "religion" na fivavahana dia avy amin'ny teny latina "religere", mampifandray.

Azontsika henoina io firaisana io amin'ny tsio-drivotra mangatsiaka, sahala amin'ny hery mangatsiatsiaka ao amin'ny lohamalemy ao. Io no fiatombohan'ny fahatsapana hery, ny fitaovantsika dia mifandrify tsara amin'ilay hery tsy manam-petra. Azontsika henoina sy fantarina ireo tsy mety rehetra ao anatintsika ao. Azontsika atao ihany koa ny mampiasa ny vibrations mba hanomezana hery, raha ilaina izany, mba hampiverina ny firindrana. Ny firaisana amin'Andriamanitra dia azo amafisina amin'ny alalan'ny meditation na ny saina tony tsy misy eritreritra. Mifandray amin'ilay loharanon'ny fahalalana tsisy fetra, lazain'i Carl Jung hoe : "inconscient collectif", isika amin'io fotoana io. Milaza amintsika izay mety sy ny tsy

mety ny vibrations, izay mety na ny tsia amin'ny fivoaram-Panahi-ntsika. Rehefa miaina ilay saina tony tsy misy eritreritra isika dia tsy toy ny fitaovana fieritreretana intsony ny atidoha fa toy ny radio-récepteur fotsiny ihany. Io no "the Divine Radio" izay nolazain'i Gandhi.

Antony mampikatona

Tsy finoana an'Andriamanitra, ahiahy na tsy fatokisana an'Andriamanitra sy i Shri Mataji, fanarahana mpampianatra diso.

Fanatsarana ny Sahasrara

• Amin'ny vavaka

Sahasrara havia :

"Reny Masina ô, noho ny fahasoavanao, voaharo amin'ny sakana rehetra aho ary mpandresy manoloana ireo sakana rehetra amin'ny fitomboako (ara-panahy)."

Sahasrara afovoany :

- "Reny Masina ô, omeo ahy ny Fahatanterahana ara-Panahy."
- "Reny Masina ô, miangavy anao aho, monena ato an-dohako lanao."
- "Reny Masina ô, miangavy anao aho, ekeo ny fanolorantenako sy ny fisaorako Anao noho ny nanaovanao ahy ho isan'ny Sahaja Yogi."

Sahasrara havanana :

"Reny Masina ô, lanao tokoa no fandresena manoloana ireo sakana rehetra amin'ny fivoarako (ara-panahy)."

Torohevitra

- Atodiho any amin'ny sarin'i Shri Mataji ny tònana havia. Tsindrio mafy amin'ny tònana havanana ny lohamalemy, atsory tsara ny ratsantànana, ahodino manaraka ny fihodin'ny famataranandro im-pito, arahina vavaka hoe : "Reny Masina ô, omeo ahy ny Fahatanterahana ara-Panahy."
- Fehezo tsara ny tena sy ny fihetseham-po.